# Regarder vers Dieu et vivre

Par D. Todd Christofferson
*du Collège des douze apôtres*

# Hijery an'Andriamanitra ka ho velona

Nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

Conférence générale d'octobre 2025

*Ce n'est qu'en se tournant vers Dieu que les personnes, les familles et même les nations peuvent s'épanouir.*

*Amin'ny alalan'ny fijerena an' Andriamanitra irery ihany no ahafahan'ny tsirairay, ny fianakaviana, ary ny firenena mihitsy aza miroborobo.*

En juin dernier, un terrible accident s'est produit au Lesotho, en Afrique australe. Un petit bus transportant vingt jeunes filles de la branche de l'Église de Maputsoe et sept de leurs dirigeants était en route vers Maseru, la capitale, pour un rassemblement de jeunes filles du district. Tôt le matin, alors qu'ils circulaient sur une autoroute à deux voies, une voiture venant dans la direction opposée qui tentait de dépasser un autre véhicule s'est retrouvée dans la voie occupée par l'autobus. Il était alors trop tard pour éviter une collision frontale et, en quelques secondes, les deux véhicules se sont percutés, ont quitté la route et ont pris feu.

Tamin'ny volana jona lasa teo dia nisy loza nahatsiravina nitranga tany amin'ny firenena Lesotho any atsimon'i Afrika. Fiaram-bahoaka kely iray izay nitondra zatovovavy 20 avy ao amin'ny Sampana Maputsoe an'ny Fiangonana sy fito tamin'ireo mpitarika azy ireo, no nandeha nihazo ny renivohitra Maseru mba hamonjy ny fivorian'ny zatovovavy avy amin'ny distrikan'izy ireo. Rehefa nandeha teo amin'ilay lalambe roazotra izy ireo ny maraina, dia nisy fiara iray avy teny amin'ilay lalana mifanohitra amin'ny lalan'izy ireo nikasa hisongona fiara iray hafa ka tafiditra tao amin'ilay lalana nizoran'ilay fiaram-bahoaka. Tsy nisy elanelana na fotoana nahafahana nisoroka ny fifandonana, ary segondra vitsy monja dia nifandona ireo fiara, ka nivadibadika nivoaka ny lalana, ary nirehitra.

En tout, quinze personnes sont mortes dans l'accident, dont six jeunes filles, deux dirigeantes des Jeunes Filles, le président de branche et sa femme. Les victimes, les membres de leur famille et leurs amis ont traversé toutes sortes d'émotions, dont des moments de colère, de dépression et même de culpabilité. Malgré ces sentiments et des questions restées sans réponse, ils se sont consolés les uns les autres et se sont tournés vers Dieu pour trouver du réconfort dans la musique sacrée, les Écritures et la prière. Setso'ana Selebeli, une survivante de dix-sept ans, a témoigné : « Jésus-Christ nous aime et il est avec nous, même lorsque nous avons le cœur lourd. »

Dimy ambin'ny folo no fitambaran'ny olona maty, anisan'izany ny zatovovavy enina sy mpitarika ny Zatovovavy roa ary ny Filohan'ny Sampana sy ny vadiny. Ireo sisa velona sy ireo olona tao amin'ny fianakaviana ary ireo namana dia samy naneho ny fihetseham-pony. Tao anatin'izany ny fahatezerana, ny fahakiviana, ary ny fahatsapan-tena ho meloka mihitsy aza. Na teo aza ireo fahatsapana sy ireo fanontaniana tsy nananam-baliny ireo, dia nifankahery izy ireo ary nitodika tany amin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny hira masina sy soratra masina ary vavaka, izay nahitan'izy ireo fampiononana. Nijoro ho vavolombelona i Setso'ana Selebeli, fito ambin'ny folo taona izay anisan'ireo tafavoaka velona hoe: "Tia antsika sy miaraka amintsika i Jesoa Kristy,

Une jeune fille et une dirigeante, toutes deux hospitalisées pour des brûlures, ont étudié le Livre de Mormon ensemble. L'une d'elles a dit : « Dernièrement, nous avons lu les paroles de Moroni et il dit exactement ce que je ressens. […] Quand il parle, c'est comme s'il disait : 'Il faut que tu apprennes ces paroles, parce qu'elles sont écrites pour toi afin de t'aider à traverser cette épreuve.' »

Lors d'un service funèbre commun pour les victimes, Siyabonga Mkhize, soixante-dix d'interrégion, a donné ce conseil : « Nous devrions tous nous tourner vers le Seigneur en ce moment et lui demander de consoler notre cœur et […] d'apaiser la douleur que nous ressentons. » Mampho Makura, la présidente des Jeunes Filles de la branche voisine de Leribe, a fait l'exhortation suivante : « Tournez-vous vers le Seigneur et trouvez la force d'accepter sa volonté. Jésus-Christ est 'le chef et le consommateur de la foi' [Hébreux 12:2]. Ne détournez pas le regard, mais regardez vers lui. »

Regardez vers lui. Ses paroles font écho au conseil d'Alma à son fils Hélaman : « Veille à regarder vers Dieu et à vivre. » Alma a cité en exemple l'expérience de Léhi et de son peuple avec le Liahona : « Car voici, il est aussi facile de prêter attention à la parole du Christ, qui t'indiquera le chemin direct de la félicité éternelle, que pour nos pères de prêter attention à ce compas, qui leur indiquerait le chemin direct de la terre promise. » Alma a dit : «S'ilsregardaient,ilspourraient vivre. […] Et sinous[…] regardons,nouspouvons vivre à jamais. »

Lors d'une autre occasion, Alma a cité l'exemple du serpent d'airain qu'avait brandi Moïse lorsque les Israélites d'autrefois étaient affligés par des serpents brûlants. Le Seigneur a dit à Moïse de façonner un serpent et de le hisser sur une perche avec la promesse que « quiconque aura été mordu et le regardera, conservera la vie». Alma a expliqué que le serpent d'airain était une préfiguration ou un symbole du Christ qui serait élevé sur la croix. Beaucoup regardèrent et vécurent, mais d'autres étaient, selon les paroles d'Alma, « si endurcis » qu'ils refusèrent de regarder et périrent.

na dia maratra mafy aza ny fontsika".

Nisy zatovovavy iray sy mpitarika iray izay naiditra hopitaly noho ny fanarahana fitsaboana may niara-nandalina ny Bokin'i Môrmôna. Hoy ny anankiray: "Namaky tao amin'ny bokin'i Môrônia izahay tato ho ato, ary milaza zavatra mitovy tsy misy valaka amin'ny zavatra tsapako i Môrônia. … Rehefa miteny izy dia toy ny milaza hoe: –Mila mianatra ireo teny ireo ianao satria nosoratana ho anao izy ireo mba hanampiana anao hamakivaky izao–".

Nandritra ny fotoam-pandevenana niraisana ho an'ireo namoy aina dia nanoro hevitra ny Loholona Siyabonga Mkhize Fitopololahin'ny Vondromparitra hoe: "Tokony hitodika any amin'ny Tompo isika amin'izao fotoana izao ary hangataka Azy mba hankahery ny fontsika sy … hampitony ny fangirifiriana tsapantsika". Namporisika i Mampho Makura filohan'ny Zatovovavy avy ao amin'ny Sampana Leribe eo akaiky hoe: "Mitodiha any amin'ny Tompo, ary mitadiava tanjaka hanekena ny sitrapony. I Jesoa Kristy no –Tompon'ny finoantsika sy Mpanefa azy– [Hebreo 12:2]. Aza mijery any an-kafa fa mijere Azy".

Mijere Azy. Ny teniny dia namerina ny tenin'i Almà tamin'i Helamàna zanany lahy hoe: "Ezaho izay hijerenao an'Andriamanitra ka ho velona".Nataon'i Almà ho ohatra ny zavatra niainan'i Lehia sy ny vahoakany niaraka tamin'ny Liahona: "Fa indro, toy ny mahamora ny fanomezana lanja ny tenin'i Kristy, izay hanoro anao ny lalana mahitsy mankany amin'ny fahasambarana mandrakizay, dia toy izany koa ho an'ny razantsika ny fanomezana lanja ity kompà ity izay nanoro azy ny lalana mahitsy mankany amin'ny tany nampanantenaina."Hoy izy: "Koa raha mijeryizydia mety ho velona. … Ary raha mijeryisikadia … ho velona mandrakizay".

Tamina fotoana iray hafa i Almà dia nanome ohatra ny amin'ilay menarana varahina natsangan'i Mosesy rehefa nampahorian'ny menaran'afo ireo Isiraelita fahiny.Niteny tamin'i Mosesy ny Tompo mba hanamboatra menarana voasokitra ka hanantona izany amin'ny hazo lava miaraka amin'ny fampanantenana fa "izay rehetra voakaikitra dia ho velona, raha mijery izany". Nanazava i Almà fa ilay sary sokitra varahina dia maneho an'i Kristy na tandindon'i Kristy izay hasandratra eo amin'ny hazofijaliana.Maro no nijery ary velona, fa ny hafa kosa, araka ny tenin'i Almà, "mafy fo loatra" ka tsy nijery tsotra izao, ka maty izy ireny.

Alma a demandé :

« Ô mes frères, si vous pouviez être guéris rien qu'en jetant les regards autour de vous afin d'être guéris, ne regarderiez-vous pas rapidement, ou préféreriez-vous vous endurcir le cœur dans l'incrédulité et être paresseux, de sorte que vous ne jetteriez pas les regards autour de vous, de sorte que vous péririez ?

« […] Alors jetez les regards autour de vous et commencez à croire au Fils de Dieu, à croire qu'il viendra racheter son peuple, et qu'il souffrira et mourra pour expier ses péchés, et qu'il se relèvera d'entre les morts, ce qui réalisera la résurrection, que tous les hommes se tiendront devant lui pour être jugés au dernier jour, jour du jugement, selon leurs œuvres. »

Bien sûr, le conseil de regarder vers Dieu et vivre ne s'applique pas seulement à nous dans l'éternité. Il influence aussi profondément la nature et le genre de vie que nous menons dans la condition mortelle. Souvenez-vous des paroles de sœur Selebeli au Lesotho : « Jésus-Christ nous aime et il est avec nous, même lorsque notre cœur est lourd. »

Dans un monde déchu, où le diable fait rage et où nous sommes tous imparfaits, il est naturel de subir des déceptions et des offenses, de la souffrance et du chagrin, des échecs et des pertes, des persécutions et des injustices. Ce n'est qu'en se tournant vers Dieu que les personnes, les familles et même les nations peuvent s'épanouir. Le président Nelson a enseigné : « Parce que le Sauveur, par son expiation infinie, a racheté chacun de nous de la faiblesse, des fautes et du péché, et parce qu'il a connu toutes les souffrances, tous les soucis et tous les fardeaux que vous avez connus [voirAlma 7:11-13], vous pouvez, en vous repentant sincèrement et en recherchant son aide, vous élever au-dessus du monde précaire dans lequel nous vivons. »

Aucune promesse n'est répétée plus souvent dans le Livre de Mormon que celle-ci : « Si vous gardez mes commandements, vous prospérerez dans le pays ; mais si vous ne gardez pas mes commandements, vous serez retranchés de ma présence. » L'expérience vécue par les peuples du

Nanontany Almà hoe:

"Raha toa ianareo ka azo sitranina amin'ny fanopazana fotsiny ny masonareo manodidina mba hahasitrana anareo, moa va tsy hijery faingana tokoa ianareo, sa aleonareo manamafy ny fonareo ao amin'ny tsy finoana ka hanjary malaina, ary tsy te hanopy ny masonareo manodidina ianareo mba hahafaty anareo?

" … Dia atopazo manodidina ny masonareo amin'izany ary manomboha mino ny Zanak' Andriamanitra, fa ho avy Izy hanavotra ny olony ary hijaly sy ho faty Izy mba hanonitra ny fahotany; ary hitsangana amin'ny maty Izy izay hahatanteraka ny fitsanganana amin'ny maty, ka ny olona rehetra dia hijoro eo anoloany mba hotsaraina araka ny asany amin'ny andro farany sady fitsarana".

Mazava ho azy fa ilay torohevitra mba "hijery an' Andriamanitra ka ho velona" dia manana dikany amintsika tsy any amin'ny mandrakizay ihany fa mitondra fiovana be dia be eo amin'ny toetran'ny fiainantsika eto an-tany sy ny kalitaony ihany koa. Tsarovy ny teny izay nambaran-dranabavy kely Selebeli avy any Lesotho izay efa nolazaina teo: "Tia antsika sy miaraka amintsika i Jesoa Kristy, na dia maratra aza ny fontsika".

Ao amin'ny toetry ny tontolo lavo, izay ahitana ny fisafoahan'i Satana sy ny tsy fahalavorarian'ny olona rehetra, no hitrangan'ny fahadisoam-panantenana sy ny fanafintohinana, ny fijaliana sy ny alahelo, ny tsy fahombiazana sy ny famoizana, ny fanenjehana sy ny tsy rariny. Amin'ny alalan'ny fijerena an' Andriamanitra irery ihany no ahafahan'ny tsirairay, ny fianakaviana, ary ny firenena mihitsy aza miroborobo. Nampianatra ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Satria tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany tsy manam-petra ny Mpamonjy dia nanavotra antsika tsirairay tamin'ny fahalemena sy ny fahadisoana ary ny fahotana, ary noho Izy niaina ny fanaintainana sy ny fanahiana ary ny enta-mavesatra rehetra izay nanananao hatrizay [jereo nyAlmà 7:11–13], dia afaka mandresy ity tontolo tsizarizary ankehitriny ity ianao rehefa mibebaka marina sy mitady ny fanampiany".

Tsy misy fampanantenana miverimberina matetika kokoa noho ity ao amin'ny soratra masin'ny Bokin'i Môrmôna : "Raha mbola mitandrina ny didiko ianareo dia hiroborobo amin'ny tany; nefa raha tsy mitandrina ny didiko ianareo, dia hesorina hiala tsy ho eo anatrehako".

Livre de Mormon pendant des siècles démontre la véracité de ces paroles. « Prospérer » signifiait profiter des conseils et des bénédictions des cieux dans leur vie. « Prospérer » signifiait atteindre un niveau de bien-être économique qui leur permettait de se marier, d'élever des enfants et de subvenir aux besoins d'autrui. « Prospérer » signifiait être capable de surmonter les difficultés et les épreuves. Par la grâce du Christ, « toutes choses [ont] concour[u] à [leur] bien», les ont raffinés et ont approfondi leur relation avec lui.

Alma a expliqué que se tourner vers Dieu, c'est respecter ses commandements, crier continuellement vers lui pour qu'il nous soutienne, le consulter dans toutes nos actions et remplir notre cœur de remerciements jour et nuit. Les commandements et les conseils de Dieu se trouvent dans les Écritures et dans les paroles de ses serviteurs. Les principes et les idéaux énoncés dans « La famille : Déclaration au monde » en sont un excellent exemple. Les conseils qui se trouvent dans le livretJeunes, soyez fortsen sont un autre. Le thème des Jeunes Gens et des Jeunes Filles de cette année est « Tournez-vous vers le Christ », tiré des directives réconfortantes du Seigneur à Joseph Smith et Oliver Cowdery : « Tournez-vous vers moi dans chacune de vos pensées ; Ne doutez pas, ne craignez pas. » Le livretJeunes, soyez fortsaborde plusieurs des commandements et des principes les plus urgents selon Dieu, et enseigne comment se tourner vers le Seigneur pour prendre de bonnes décisions. Ce guide n'est pas uniquement destiné aux jeunes. Il s'applique à chacun de nous.

Parmi les exemples les plus importants,-Jeunes, soyez forts, comporte des directives primordiales dans le chapitre intitulé « Ton corps est sacré ». Elles recommandent : « Sois respectueux à l'égard de ton corps et de celui d'autrui. Quand tu choisis tes vêtements, ta coiffure ou ton style, demande-toi : 'Est-ce que j'honore mon corps comme un don sacré de Dieu ?' »

Jeunes, soyez fortsajoute : « Tiens la sexualité et les sentiments sexuels sacrés. Ils ne devraient

Ny zavatra niainan'ny vahoaka ao amin'ny Bokin'i Môrmôna nandritra ny taonjato maro dia mampiseho ny fahamarinan'ireo teny ireo. Ny dikan'ny hoe "miroborobo" dia mankafy ny fitarihana sy ireo fitahiana avy amin'ny lanitra eo amin'ny fiainan'izy ireo. Ny dikan'ny hoe "miroborobo" dia fahatratrarana ambaratonga ara-toekarena tsara izay nahafahan'izy ireo nanambady, nanorina fianakaviana ary nanompo tamin'ny alalan'ny famatsiana ny zavatra nilain'ny hafa. Ny "firoboroboana" dia ahitana ny fahafahana mandresy ny zava-tsarotra sy ny fitsapana. Tamin'ny alalan'ny fahasoavan'i Kristy, "ny zavatra rehetra dia [n] iara-niasa hahasoa [azy ireo]",nanatsara azy ireo, ary nanamafy ny fifandraisan'izy ireo Taminy.

Nanazava i Almà fa ny hoe mijery an' Andriamanitra dia ny mitandrina ireo didiny, mitalaho Aminy mandrakariva mba hahazo ny fanohanany, mila hevitra Aminy amin'ny atao rehetra, ary mameno ny fontsika amin'ny fisaorana Azy andro aman'alina.Ny didin' Andriamanitra sy ny toroheviny dia hita ao amin'ny soratra masina sy ny tenin'ireo mpanompony.Ireo fitsipika sy filamatra velabelarina ao amin'ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" no ohatra voalohany indrindra. Iray hafa koa ny tari-dalana hita ao anatin'ilay boky kelyHo Zatovo Mahery!. Ny teny filamatry ny Zatovolahy sy Zatovovavy amin'ity taona ity dia ny hoe: "Banjino i Kristy", izay nalaina avy tamin'ny torolalana feno fampaherezana nomen'ny Mpamonjy an'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery hoe: "Banjino aho amin'ny eritreritra rehetra; aza miroanàhana, aza matahotra".NyHo Zatovo Mahery!dia miresaka ny maro amin'ireo didy sy fenitra izay tena laharam-pahamehana avy amin' Andriamanitra, ary mampianatra ny fomba hitodihana any amin'ny Tompo eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra tsara. Tsy torolalana ho an'ny zatovo fotsiny izany, fa ho an'ny tsirairay amintsika.

Ohatra iray tena manan-danja, nyHo Zatovo Mahery!dia ahitana tari-dalana lehibe ao amin'ny fizarana mitondra ny lohateny hoe: "Masina ny vatanao". Mampianatra izany hoe: "Hajao ny vatanao sy ny an'ny hafa. Rehefa mandray fanapahan-kevitra mikasika ny fomba fitafinao sy ny endriky ny volonao ary ny endrikao ivelany ianao dia manontania tena hoe: –Manaja ny vatako ho toy ny fanomezana masina avy amin' Andriamanitra ve aho?–"

Mbola manampy nyHo Zatovo Mahery!hoe: "Hazony ho masina ny firaisana ara-nofo sy ny

pas être des sujets de plaisanteries ou de divertissements. En dehors du mariage entre un homme et une femme, il n'est pas correct de toucher les parties intimes et sacrées du corps d'une autre personne, même habillée. Lorsque tu choisis ce que tu fais, regardes, lis, écoutes, penses, publies ou envoies par message, évite tout ce qui suscite délibérément des émotions lascives chez d'autres personnes ou toi-même. »

Cela rappelle l'exhortation récente du président Nelson :

« Peu de choses vous compliqueront la vie plus rapidement que la violation de cette loi divine [de chasteté]. Pour ceux qui ont fait des alliances avec Dieu, l'immoralité est l'un des moyens les plus rapides de perdre son témoignage.

« […] Le pouvoir de créer la vie est leseul privilègede la divinité que notre Père céleste permet à ses enfants d'exercer ici-bas. Dieu a donc fixé des règles claires pour l'utilisation de ce pouvoir vivant et divin. Les relations sexuelles sontréservéesà un homme et une femme mariés l'un à l'autre.

« Une grande partie du monde ne croit pas à cela, mais l'opinion publique n'est pas l'arbitre de la vérité. Le Seigneur a déclaré que toute personne qui ne respecte pas la loi de chasteté ne pourra pas accéder au royaume céleste. […] Et si vous n'avez pas été chastes, je vous supplie de vous repentir. Venez au Christ et recevez sa promesse de pardoncompletsi vous vous repentez entièrement de vos péchés [voirÉsaïe 1:16-18;Doctrine et Alliances 58:42-43]. »

Souvenez-vous que, dans la promesse du Livre de Mormon, l'opposé de la prospérité n'est pas la pauvreté, mais le fait d'être retranché de la présence du Seigneur. Sa présence désigne l'influence de son Esprit dans la vie d'une personne. Lorsque nous venons au monde, nous sommes tous imprégnés de la lumière du Christ. De plus, certains choisissent de se faire baptiser, et

fahatsapana te hanao firaisana ara-nofo. Tsy tokony hatao resaka sangisangy na fialam-boly izany. Ivelan'ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray, dia tsy azo atao ny mikasika ny faritra saro-pady sy masina eo amin'ny vatan'olona hafa iray na dia misy fitafiana aza. Rehefa misafidy ny zavatra tokony hataonao ianao, na jerenao, na vakinao, na henoinao, na eritreretinao, na avoakanao, na alefanao amin'ny alalan'ny hafatra, dia sorohy izay zavatra mety ho iniana atao mba hampifoha fiontanam-po te hanao firaisana ara-nofo ao amin'ny hafa na ny tenanao".

Mampahatsiahy ny fanasana nataon'ny Filoha Nelson vao tsy ela izany:

"Vitsy ihany ny zavatra hafa hanasarotra haingana kokoa ny fiainanao raha oharina amin'ny fandikana io lalàna masin'ny [fahadiovam-pitondrantena] io. Ho an'ireo izay nanao fanekempihavanana tamin' Andriamanitra dia ny fahalotoam-pitondrantena ao anatin'ny firaisana ara-nofo no isan'ireo fomba haingana indrindra mahavery ny fijoroana ho vavolombelona ananananao.

"… Ny hery hamoronana aina diatombontsoa manokana irayamin'ny maha-andriamanitra izay avelan'ny Ray any An-danitra ampiasain'ireo zanany mety maty. Noho izany dia nametraka tari-dalana mazava Andriamanitra mahakasika ny fampiasana io hery masina sy velona io. Ny firaisana ara-nofo dia natao ho an'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray mpivadyihany.

"Tsy mino izany ny ankamaroan'ny olona eto amin'izao tontolo izao, saingy tsy ny hevitry ny olona no manapaka ny atao hoe marina. Nanambara ny Tompo fa tsy misy olona maloto ara-pitondrantena ho tonga any amin'ny fanjakana selestialy. … Ary raha efa naloto fitondrantena ianao, dia miangavy anao aho mba hibebaka. Manatòna an'i Kristy dia raiso ny fampanantenany famelan-kelokafenorehefa mibebaka tanteraka amin'ny fahotanao ianao [Jereo nyIsaia 1:16–18;Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:42–43]".

Tsarovy fa ao anatin'ny fampanantenan'ny Bokin'i Môrmôna, ny teny mifanohitra amin'ny firoboroboana dia tsy ny hoe fahantrana, fa hesorina hiala tsy ho eo anatrehan'ny Tompo. Ny hoe fanatrehany dia ilazana ny fitaoman'ny Fanahiny eo amin'ny fiainan'ny olona. Feno ny Hazavan'i Kristy avokoa izy ireo rehefa tonga teto amin'izao tontolo izao.Ankoatra izany, ny sasany dia miro-

reçoivent le don et la lumière supplémentaire du Saint-Esprit. Il donne de l'inspiration et des conseils, améliore et affine les dons et les capacités innés de chacun, et permet d'éviter les mauvaises influences, les choix regrettables et les impasses.

Comme vous, je connais des gens qui autrefois bénéficiaient du don du Saint-Esprit, mais qui, parce qu'ils n'ont pas respecté les commandements de Dieu, ont perdu cette bénédiction. Il me vient à l'esprit l'un d'eux, dont le statut de membre de l'Église avait été annulé pour cause de transgression. Il a dit qu'il s'était d'abord senti offensé. Il se sentait jugé par des dirigeants imparfaits. Il savait que sa conduite avait été mauvaise, mais il la justifiait en pointant du doigt les fautes et les faiblesses d'autrui. Au bout d'un certain temps, il s'est senti à l'aise dans un mode de vie en dehors de l'Église, libéré des responsabilités liées aux appels, des attentes concernant la participation aux services de culte et de la responsabilité de servir autrui.

Cela a continué pendant un certain temps, mais il a commencé à ressentir de plus en plus vivement l'absence du Saint-Esprit, ou de la présence de Dieu, dans sa vie. Par expérience, il savait ce que c'était que d'avoir, jour après jour, le réconfort, l'inspiration et la confiance née de l'Esprit, et cela lui manquait. Finalement, il a fait ce qui était nécessaire pour se repentir et se qualifier de nouveau pour le baptême d'eau et d'Esprit.

Il semble qu'il n'y ait pas de fin aux différentes sources vers lesquelles les gens se tournent pour trouver du sens, du bonheur et de l'aide dans la vie. La plupart « regardent au-delà du point marqué». Mais nous n'avons pas à être des « enfants, flottants et emportés à tout vent de doctrine [ou de mode]». En nous tournant vers Dieu, nous pouvons trouver la paix dans les difficultés, et notre foi continue de grandir même dans les moments de doute et de difficultés spirituelles. Nous recevons de la force face à l'opposition et à l'isolement. Nous pouvons réconcilier l'idéal avec la réalité présente. Il n'y a vraiment pas d'autre chemin que celui que Dieu lui-même a ordonné : « Tournez-vous vers moi et

so amin'ny batisa sy mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina miaraka amin'ny hazavana fanampiny. Izy dia mitondra fitaomam-panahy sy fitarihana, mampivoatra sy manatsara ireo fanomezam-pahasoavana sy fahafaha-manao voajanaharin'ny olona, ary manampy amin'ny fisorohana ireo fitaoman-dratsy sy fanapahan-kevitra ratsy, ary lalan-diso.

Toa anao dia mahalala olona izay nisitraka, teo aloha, ny fanomezana ny Fanahy Masina aho, saingy namoy izany fitahiana izany rehefa tsy nahomby tamin'ny fitandremana ireo didin' Andriamanitra. Tsaroako manokana ny iray amin'ireo izay nesorina ny maha-mpikamban'ny fiangonana azy noho ny fandikan-dalàna. Ny fihetsiko voalohany dia fahatsapana fahatafintohinana, hoy izy. Nahatsapa izy fa notsaraina mpitarika tsy lavorary. Fantany ny tsy fetezan'ny fitondrantenany, saingy nanamarina izany tamin'ny fijerena ny fahadisoana sy ny lesoka nataon'ny hafa izy. Fotoana fohy taorian'izany dia nanomboka nahazo aina tamin'ny fomba fiainana ivelan'ny Fiangonana izay tsy misy adidy amin'ny antso sy fiandrasana mba hanatrika fanompoam-pivavahana ary asa fanompoana ny hafa izy.

Nitohy nandritra ny fotoana vitsivitsy izany, saingy nanomboka nahatsapa mafy kokoa ny tsy fisian'ny Fanahy Masina —ny fanatrehan' Andriamanitra— teo amin'ny fiainany izy. Tamin'ny alalan'ny zavatra niainany dia fantany hoe manao ahoana izany manana, isan'andro, ny fampaherezana sy fitarihan-dalana ary fahatokisan-tena ateraky ny Fanahy izany, ka nalahelo izany izy. Farany dia nanao izay rehetra nilaina natao mba hibebahana izy, ary nanao izay hahafenoany fepetra indray mba hatao batisan'ny rano sy ny Fanahy.

Toa tsy manam-pahataperana ireo loharano izay itodihan'ny olona mba hahitana ny dikan'ny fiainana, fahasambarana ary fanampiana. Maro amin'izy ireo no "Mibanjina ny any ivelan'ny tanjona".Saingy tsy tokony ho "zaza intsony isika, ka ahilangilana sy ampitambolimbolenin'ny rivotry ny fampianarana [na fomba] samy hafa rehetra". Amin'ny alalan'ny fijerena an' Andriamanitra dia afaka mahita fiadanana ao anatin'ny sarotra isika, ary afaka mitombo hatrany ny finoantsika na dia amin'ny fotoana hisian'ny fisalasalana sy olana ara-panahy aza. Afaka mahazo tanjaka isika na dia eo anatrehan'ny fanoherana sy fitokana-monina aza. Afaka mampifanaraka ny zavatra eritreretina ho tena filamatra amin'ny zavatra

vous serez sauvés, Vous tous qui êtes aux extrémités de la terre ! Car je suis Dieu et il n'y en a pas d'autre. »

Se tourner vers Dieu signifie qu'il n'est pas seulement l'une de nos priorités. Cela signifie plutôt qu'il est notre priorité absolue. Je repense encore à l'horrible accident qui s'est produit au Lesotho en juin dernier. Depuis son lit d'hôpital, une dirigeante des Jeunes Filles rescapée, qui ne croyait pas en Dieu avant de se joindre à l'Église, a expliqué que son objectif est maintenant de comprendre pourquoi elle a été épargnée. Elle a déclaré : « C'est en servant Dieu sans relâche que je trouverai une réponse, si toutefois je parviens à en trouver une. « Avant, je croyais aimer Dieu, mais maintenant je l'aime vraiment, vraiment, vraiment, vraiment, vraiment de tout mon cœur. Maintenant, il est la priorité absolue dans ma vie. »

Je témoigne du Père, du Fils et du Saint-Esprit qui, parfaitement unis dans leur parole, leur pensée, leur volonté et leurs actions, sont le seul Dieuvers qui nous pouvons nous tourner pour recevoir tout ce qui est bon. Je témoigne de l'expiation de Jésus-Christ, d'où vient le pouvoir d'accomplir cette merveilleuse promesse : « Regardez vers moi et persévérez jusqu'à la fin, et vous vivrez ; car à celui qui persévère jusqu'à la fin, je donnerai la vie éternelle. » Au nom de Jésus-Christ. Amen.

tena misy amin'izao fotoana izao isika. Tsy misy tokoa fomba hafa ankoatra ny zavatra izay efa nalahatr' Andriamanitra mialoha, "Mijere Ahy, dia ho voavonjy ianareo, ry vazan-tany rehetra! Fa Izaho no Andriamanitra, ka tsy misy hafa".

Ny mijery an'Andriamanitra dia midika fa Izy dia tsy isan'ireo laharam-pahamehantsika fotsiny, fa midika izany fa Izy no hany laharam-pahamehantsika ambony indrindra. Mbola mampahatsiahy anareo ilay loza mahatsiravina tany Lesotho tamin'ny volana jona lasa teo indray aho. Teo ambony fandrianany tao amin'ny hôpitaly no nilazan'ny iray tamin'ireo mpitarika tao amin'ny zatovovavy izay tafavoaka velona, izay tsy nino an' Andriamanitra talohan'ny nidirany tato amin'ny Fiangonana, fa ny tanjony ankehitriny dia ny hamantatra ny antony nanavotana ny ainy. "Ny fanompoana an' Andriamanitra tsy tapaka no fomba handraisako valiny, raha toa ka mandray valiny aho", hoy ny nambarany. "Ny fieritreretana fa tiako Andriamanitra dia zavatra nahazatra ahy, saingy ankehitriny dia tiako, tena tiako, tena tiako, tena tiako Izy. Izy izao no laharam-pahamehana [voalohany] eo amin'ny fiainako".

Mijoro ho vavolombelona ny amin'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina aho izay iray tanteraka amin'ny teny, ny eritreritra, ny tanjona, ary ny asa, dia Andriamanitra iray,izay azontsika itodihana ho an'ny zavatra izay tsara rehetra. Mijoro vavolombelona aho ny amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy izay niavian'ny hery hanatanterahana ity fampanantenana mahatalanjona ity hoe: "Mijere aty Amiko ary mahareta hatramin'ny farany dia ho velona ianareo; fa izay maharitra hatramin'ny farany no homeko ny fiainana mandrakizay".Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.